Ny Valosoa sy hadihady

Politika

Tsy ny taona no mametra izay mety ho vita

Nanamarika ny faha-70 taonany ny filoha Ravalomanana Marc ny 12 desambra lasa teo, teny amin'ny Magro Tanjombato. Niaraha-nahalala fa ny omalin'io andro io izy no tafaverina avy tany ivelany. Araka ny vaovao nivoaka tamin'ny haino amanjery sy ny onjam-peo ary ny gazety an-tsoratra dia nihaona tany Frantsa ny filoha teo aloha roa lahy, Rajaonarimampianina Hery sy Ravalomanana Marc. Rehefa nandinika sy namakafaka ny toe-draharaham-pirenena izy ireo dia namoaka fanambarana iombonana, ka azo asongadina amin'izany ny tsy fanekena ny fivilian-dàlana ataon'ny fitondrana ankehitriny, indrindra ny momba ny fanitsakitsahana ny Laràmpanorenana. Nomarihan-dRavalomanana Marc, fa tsy voalaza ao anatin'ity lalàna fototra ity ny anarana "governora" ho lehiben'ny Faritra sy ny fanendrena olona ho amin'izany toerana izany satria anisan'ny vondrom-bahoaka itsinjarampahefana (Collectivité décentralisée) ity ambaratongam-pitantanana ity, ka olona fidin'ireo mpifidy lehibe (grands électeurs) izy ireny. Tsy sampan-draharaha teknika fanapariaham-pahefana (service technique déconcentré) toy ny distrika ihany koa, ka tendrena ny lehibeny. Nohitrikitrihan-dRavalomanana Marc ihany koa ny tandrametaka ataon'ny Fitsarana Avo momba ny Laràmpanorenana (HCC), izay nanaiky izany fanendrena izany satria, hono, vonjimaika ihany (provisoire) izany. Tsy voarakitra ao anaty Laràmpanorenana izany "vonjimaika" izany hoy Ravalomanana Marc, ka ny mahavariana dia ny rafitra tokony hiaro toy ny anakandriamaso ny Laràmpanorenana indray no manitsakitsaka azy. Tsy vao sambany anefa no nisy toe-draharaha tahaka izao fa efa nisy ireo tranga nanamarika izany, ka ny didim-pitsarana lasa manana endrika politika. Raha teo amin'ny tantarampirenena no itodihana dia tamin'ny taona 2002 no efa nibolisatra ity andrim-panjakana ity na dia olona samy hafa aza no nisy tamin'izany sy amin'izao fotoana izao, ka misy tarazo ratsy araka izany eto amin'ity firenena ity. Tsy nanaiky lembenana Ravalomanana Marc tamin'izany fotoana izany satria, angamba, mbola tanora (53 taona) ka tafapetraka teo amin'ny toeran'ny filohan'ny Repoblika izy. Tsy misy afaka mandà fa nampandroso ny firenena teo amin'ny sehatra rehetra izy nandritra ny fepotoam-piasana iray sy tapany. Azo inoana ihany koa fa efa lasa lavitra i Madagasikara raha tsy nisy ny fanonganam-panjakana ny taona 2009. Na dia nisy aza ny fitoriana mihoatry ny eninjato tamin'ny fifidianana filohan'ny Repoblika ny taona 2018 dia nandefitra Ravalomanana Marc satria tsy te-hamerina ny taona 2002 indray satria efa latsaka an-katerena loatra ity Firenena ity. Hita tamin'ny didim-pitsarana (tsy azo ivalozana) navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Laràmpanorenana, fa nisy tsindry politika tao. Maro ny lesoka sy ny hala-bato sy tsy fanarahan-dalàna tamin'ireo fifidianana roa nisesy tamin'ity taona ity, fifidianana depiote sy kaominaly, anisan'izany ny fitokanana fotodrafitrasa nataon'ny filohan'ny Repoblika am-perinasa dia i Andry Rajoelina, izay mahabe resaka mandrak'izao. 70 taona Ravalomanana Marc kanefa hita fa mbola manana ilay fahavitrihana, herin-tsaina, herim-batana sy fahavononana ary finiavana hanarina ity Firenena ity. Araka izany dia tsy hanaiky lembenana intsony izy, araka ny nambarany, ka tsy maintsy havoaka ny marina rehetra ary ho fanjakana tan-dalàna sy mandala ny demokrasia no mipetraka eto. Tsy ho ny rafitra mpiaro ny Laràmpanorenana indray no hanitsakitsaka izany, ka nanainga ny olompirenena izy mba hiray hina ary hiaro ny safidiny ihany koa. Maro ny tanora notendrena ao anatin'izao fitondrana izao, ka miseho ho manana ny fahaizana sy fahalalana eo amin'ny fitantanana ny firenena, saingy tanora no nitondra nanomboka tamin'ny taona 2009 kanefa aiza no misy an'i Madagasikara amin'izao fotoana izao, anisan'ny firenena dimy mahantra indrindra eran-tany, mahantra fadiranovana ny 90 % maherin'ny vahoaka,… Tsy ny taonan'ny olona eo amin'ny fitondrana, araka izany, no hahazoana milaza fa handroso ny firenena satria amin'ny ankapobeny dia nofinofy ihany ny an'ity sokajy taona tanora ity, mbola mila olona matotra toy ny Filoha Ravalomanana Marc ny firenena.

Andry Tsiavalona

Magro Behoririka, sabotsy 14 desambra

Hetsika lehibe hitakiana ny fahamarinana anio

Zavatra tsotra sady tsy sarotra no takian'ny vahoaka amin'ny CENI, vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana, dia ny fampitahàna ny lisi-pifidianana vita sonia tamin'ny fifidianana depiote izay nifarana tamin'ny 15 mey sy ny fididianana ben'ny tanàna farany teo. Raha tena manana ny marina ny CENI dia tokony tsy hatahotra fa tonga dia manao ny fampitahàna hampisehoana ny MARINA. Vokatr'izany, hanao hetsika lehibe hitakiana ny fahamarinana tamin'ny fifidianana ny 27 novambra lasa teo ao amin'ny Magro Behoririka ny vahoaka tsy manaiky ny hosoka sy halabato anio sabotsy 14 desambra 2019 manomboka amin'ny 10 ora maraina. Tsy ny avy antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ihany no ho avy amin'izany, fa ny rehetra tsy ankanavaka mihitsy avy amin'ny antoko politika hafa, sy avy amin'ny fikambanana samihafa ary ny olon-tsotra ihany koa.

Helisoa

Antenimierandoholona

Averina ho 10% ihany ny TVA alaina amin'ny katsaka, ny sakafom-biby ary ny faikan'entana hafa

Lany nasiam-panitsiana tao anivon'ny Antenimierandoholona ny alakamisy teo, nandritra ny fivoriana azon'ny besinimaro natrehina, ny volavolan-dalàna laharana faha 05/2019 tamin'ny 30 oktobra 2019, momba ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2020. Fivoriana teo ambany fitarihan'ny Filohan'ny Antenimierandoholona Rivo Rakotovao, notronin'ireo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra. Nisy ny fanitsiana nataon'ny Antenimierandoholona toy ny:

- Fampidinana ho dimy isan'arivo ny tahan'ny vola fandrotsaka (acompte amin'ny IR na IS mikasika ny raharaha fanondranana entana rehetra.
- Fanafoanana ny andininy mikasika ilay TVA roapolo isanjato (20%) takiana amin'ny katsaka sy ny sakafom-biby ary ny faikan'entana hafa satria miteraka olana goavana amin'ireo mpiantsehatra amin'ny tontolo ambanivohitra ary averina folo isan-jato (10%) toy ny teo aloha.
- Fampitomboana ny tahan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana (droit d'accises), mahakasika ny fanafarana sigara sy alikaola, sy ny vokatra misy alikaola sy paraky ho famenoana ny fidiram-bola mifanaraka amin'izay voalaza etsy ambony. Ny teknisianina ny Minisiteran'ny toekarena sy ny vola no mandrafitra izany taha izany.
- Ny famerenana ho 34,9 miliara ariary ny tetibolan'ny Antenimierandoholona, mba hifanaraka amin'ny voalaza tao anatin'ny taratasy voalohany nalefan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny vola mitondra ny laharana faha 201-2019- MEF/SG/DGFAG/DB/FSB-4 tamin'ny 09 oktobra 2019, mahakasika ny "elaboration de la loi des finances pour 2020", sy indrindra, mba hahafahany manatanteraka antsakany sy andavany ny andraikiny araka ny voalazan'ny Lalam-panorenana.
- Fananganana ny règlement mifehy azy vao apetraka ny "fond souverain", na alefa any amin'ny budget Sénat, na alefa any amin'ny référendum, na alefa any amin'ny fifidianana sefo fokontany, na governora, na sefo distrika.
- Foanana ny "régime concessionaire automobile".
- Fanafoanana ny tetibola natokana ho an'ny fifidianana senatera.
- Famerenana ny fanampiana ara-bola hanohanana ny orinasa Jirama (255.0 miliara ariary), satria mbola ao anatin'ny transition énérgétique isika amin'izao fotoana izao, sy ho fitsinjovana ny vahoaka amin'ny mety ho fahatapahan'ny jiro sy rano matetika.

Aly

NY TENY FIAINANA

I Samoela 18:15

Ary nony hitan'i Saoly fa hendry dia hendry Davida, dia natahotra azy izy."

KAOMININA ANTANANARIVO RENIVOHITRA (CUA)

Mbola miasa amin'ny andraikitra manandrify azy hatrany

Na misy aza ny zavatra misafotofoto tamin'ny fifidianana ben'ny tanàna ny 27 novambra lasa teo teto andrenivohitra dia mbola miasa toy ny isan'andro hatrany ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), tarihin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ireo mpiaramiasa aminy, amin'ireo andraikitra manandrify azy sy izay eo ampelatanany. Eo ny fampandehan-draharaha ankapobeny manerana ny Boriboritany miisa 6. Fanadiovana tsy ankiato ataon'ny mpiasa mpamafa lalana manomboka amin'ny 5 ora maraina mitondra ny fako mankeny amin'ny daban-jaoridira. Ny sampana teknika eny anivon' ny boriboritany sy sampandraharahan'ny asa vaventy ao amin'ny CUA, manamboatra ireo fantsona tsentsina sy simba fandehanan'ny rano maloto sns… Manamboatra ny lalana voakasiky ny fatra lalankely ihany koa any amin'ny fokontany samihafa mila izany, ho famahana ny olana amin' izao fotoam-pahavaratra izao noho ny fotaka, sy ny fiakaran'ny rano. Ny eny anivon'ny boriboritany mijery ny fomba hanafainganana ny asa rehetra atao mba hanomezana fahafahampo ny mponina mikarakara taratasy rehetra ao an-toerana. Soa iombonan'ny Malagasy Antananarivo araka ny tarigetran' ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, ka na misy aza ny antsojay natao taminy dia vitany hatrany ny nampandeha sy mampandeha tsy misy trosa ny asa natao teo anivon'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra, fa tsy araka ny fanaratsiana ataon'ireo tsy maty voalavo ankibo amin'ny resaka politika, sy tsy fitiavana manokana ataon'ny sasany satria vadin'ny filoha Marc Ravalomanana.

Helisoa

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Tsy eken'ny olona ny fametahan'ny orinasa Colas ny logo-ny eo amin'ny Rova

Mandroso Randria : tsia, tsy ekeko raha ny fiandrianan'ny tanindrazako sy ny fireneko no taingenana orinasa frantsay ny logo-ny tahak'izao. Efa sangy mihoatry ny loha izao koa ongoty faingana teo io ry Colas... Tsy asiana fanajana velively fa ongoty teo io fa tsy sitrako

Nadia Raonimanalina : ary ici c'est la France, dia ity ici c'est Colas izany.

Mandroso Randria : karama no nifanarahana tam lah hanamboatra an'io fa tsy misy kentrina hanaiky ny fidedahana tahak'izao koa na dia ilay dedaka be ry aza. Io ry Emperora provisoire, tsoahy teo io aaa ! Tsy miraharaha intsony ny hasim-pirenena ny fitondrana Rajoelina, koh ny Rova avy no tsy ahaizan'lah miaina.

Tahiry Tiana Ranaivosoa : efa nifanekena tao anaty contrat angamba izao kosa eee...

Randriambahoaka Soanaivo Erik : mba tsy rariny kosa le.

Lala Yves Randrianantenaina : dia efa ho tanin'ny frantsay sy ny Colas koa io zany eeeee!

Elliot Wilson Zafy : tsotra lesy io a, tsy ny fo no miresaka fa saina. misy cahier de charge ny asa rehetra, misy clauses bobaka ao, sao mba ny an lah am maha maître de l'ouvrage an lah no tsy nahay namaritra izay mety sy tsy mety aminao.

Mandroso Randria : leity ééé... Aza ampitoviana am écriteau de chantier ny zava-miseho eto (ary tsy fotoana sy sehatra fampianarana gestion d'image de chantier koh eto, hahahaha).

Vahoaka Malagasy : iza ndray no nifototra nametraka io, manota fady!